


Tampoka teo dia nisokatra ny varavarana ary hoy ilay zazavavikely nitomany, nilaza tamin'ilay mpivarotra fanafody:"Miala tsiny, tompoko, fa tafintohina teny an-dàlana aho. Afaka manome ahy ranon-javatra iray hafa ve ianao?" Tamin' ny fifaliana sy hamaivanana lehibe no nanaovan' i Edmond izany !



Nampikorontana ny fiainan' i Edmond ity zavatra nitranga ity ary tsy tahaka ny teo aloha intsony izy, satria fantany izao, avy amin' ny zavatra niainany, fa mamaly vavaka Andriamanitra. Niova fo ho an' i Jesosy Kristy izy ! Lasa miresaka ny Mpamonjiny, ny Tompo Jesosy Kristy amin' ny mpiara-miasa aminy rehetra izy. Lazainy fa, tahaka ny toy ny taminy, ny Tenin' Andriamanitra izay hambarany dia hitsimoka any anatin' ny fo ary hamokatra voa na ho ela na ho haingana. Hoy i Isaia mpaminany: "Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin' izay ampandehanako azy." Isaia 55:11


## Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!

# Ilay tavoahangy vaky !





365Histoires.com


Jean-Louis Gaillard



I Jacques izay kristianina feno fitiavana dia mijoro vavolombelona ny finoany na aiza na aiza. I Edmond mpivarotra fanafody, mpifanakaiky asa aminy, dia tena zava-dehibe taminy. Fa isaky ny miresaka momban' ny Tompo aminy i Zaka dia ihomehezan' i Edmond ny resaka ataony.




Indray andro, nisy zazavavy kely nitondra taratasim-panafody tany amin' ny mpivarotra fanafody, ho an' ny reniny izay mandamaka. Nafangarony zava-mahadomelina vitsivitsy, nararany tao anaty tavoahangy ary nomeny an' ilay zazavavy kely. Izy ity nivoaka haingana ny varavarana sady nandeha nihazakazaka.



Rehefa namerina ireo tavoahangy an-toerana ilay mpivaro-panafody, dia nahatsikaritra tamin' ny tahotra sy fitolagaga fa tavoahangy misy poizina mahafaty no nalainy tamin' ny tsy nahy. Tsy fantany akory ilay zazavavy kely ary tena nampiahiahy be azy.



Rehefa afaka fotoana fohy dia handeha hisotro zava-mahafaty ilay reny. Izany eritreritra izany dia nanome azy tsemboka hatsiaka. Inona no mety vokatra mampidi-doza an' ity raharaha ity? Tsy ho an' ity fianakaviana ity fotsiny fa ho azy sy ny asany ihany koa?



Tampoka teo dia tsaroany ny namany Jacques sy ilay Andriamanitra izay noresahiny matetika taminy.
Avy hatrany dia nandohalika izy ary nitalaho ny fanampian'Andriamanitra izay tsy fantany, fa araky ny filazan' i Jacques dia velona ary mahay manao fahagagana.

Nivavaka mafy izy ary nangataka tamin'Andriamanitra mba hiditra an-tsehatra amin'izao toe-javatra izao